

“Satria efa nitandrana ny teniko ny amin’ny faharetana hianao, Izaho kosa hiaro anao ho voavonjy amin’ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin’izao tontolo izao ho fizahan-toetra izay monina ambonin’ny tany.” Apokalypsy 3:10

FIARAHA-MIOMBON'ANTOKA FIANGONANA/FEON'NY FILAZANTSARA

Seminera Fampiofanana "Fampitaovana ny olona masina": Voalohany ho an'ny taom-piasana 2015/2016

Tanteraka soa aman-tsara ny Seminera Fampiofanana "Fampitaovana ny olona masina" voalohany ho an'ny taom-piasana 2015/2016 (Jona 2015-May 2016) teny amin'ny Espace Hanitra Ambohibao ny 13-14 Aogositra 2015. Fitandremana efatra avy amin'ny Synodam-Paritany Antananarivo Atsinanana sy ny Synodam-Paritany Antananarivo Atsimo moa no voakasik'izany. Nahatratra 24 ireo mpanandrany anjara, izay solon-tena avy amin'ireo Sampana velona eo anivon'ny Fiangonana avokoa. Nanotrona sady nandray anjara feno tamin'ny Fampiofanana, fifampizarana traikefa ary Tenin'Andriamanitra ireo raiamandreny Mpitandrina dia: Rtoa Ravaoarisoa Juliette, FJKM Ampahitrosy Firaisana (SPAA 11); Atoa Andrianaivomahenintsoa Natanaela, FJKM Ambohijoky Fihavanana (SPAA 11); Rtoa Ravololoson Esther, FJKM Andraisoro Kristy Fehizoro (SPAA 12). Rtoa Ramamonjy Vonimboahangy, Mpitandrina, FJKM Ankadiaivo Miarmino kosa dia niala tsiny noho ny tsy fahafahany fa nanatanteraka iraka any ivelany. Tsapa fa nahaliana ireo mpanandrany anjara ny votoatin'ny Fampiofanana satria dia hanampy tokoa amin'ny fampahombiazana ny asa Tafika Masina. Ankoatr'izany, ireo raiamandreny Mpitandrina dia nanamarika fa fomba fiasa hanampy amin'ny fana-

tanterahana sy fizarana ny fampiofanana isan-toerana no noraisina nandritra izao roa andro niarahana izao. Toy ny fanao isam-potoana, ho famarana-

na ny Fampiofanana dia notolorana sertifikata manambara ny fandraisana anjara tamin'izany ireo mpiofana.■



Faly tokoa na ireo nanolotra na ny notolorana ny sertifikata



Mipetraka ho fahatsiarovana ny fiarahana

FANDAHARANA AMIN'NY FAMPIDRAM-PEO

Tena "Fiainana ny vavaka"

Mitohy sy miroso hatrany ireo "lohahevitra" velabarina isan-kerinandro ao amin'ny fandaharana "Henoy ny Feony" vokarin'ny FF, izay mandeha amin'ireo onjam-peo miisa 7 mahazatra antsika manerana ny Nosy:

ANTANANARIVO "Radio ACEEM" - 103.4 FM, "Radio Teny Fiainana" (RTF) - 91.2 FM, "Radio Fiainana" (RF) - 90.4 Alatsinainy Bakaro; ANTSIRABE "Radio Feon'ny Mpitily (RFM) - 92 FM"; TOLIARA "Radio Université (RU) - 91.4 FM"; MAHAJANGA "Radio Fahazavana Mahajanga" - 86.6 FM"; TOAMASINA "Radio Ny Antsika (RNA) - 94.2 FM".

Fampahatsiahivana ihany no ilazana etoana fa ny volana Jona 2015 fiatombohan'ny taom-piasan'ny FF 2015/2016 teo dia niompana indrindra tamin'ny "VAVAKA" ny lohahevitra. Tena "Fiainana ny vavaka" amin'ny maha fifaneraserana sy fifandraisana mivantana amin'Andriamanitra azy, koa zava-poana ny asa ho tanterahina mandritra ny taona raha tsy apetraka feno eo am-pelantanan' i Jesosy Tompo ilay tompon'ny asa izany. Ireto manaraka ireto kosa ireo lohahevitra novelabarina: ny Jolay "Tanora Kristiana mivavaka miatrika fanadinana", ny Aogositra "Ny Fivavahana Kristiana sy ny fandrosoana Teknolojika", ny Septambra "Izao fiainana mandalo izao sy ny aorian'ny fahafatesana". Efa hita kosa ireo lohahevitra hatramin'ny volana Janoary taona 2016, ka ny volana Oktobra dia "Ny andro farany", Novambra "Ny fihavian'i Kristy faharoa" ary ny Desambra "Lohahevitra mahakasika ny Krismasy".

Ka ny voalohany dia miresaka indrindra 'Ny fihavian'i Kristy eo amin'ny fiainan'ny olona', ary ny faharoa kosa dia 'Ny fihavian'i Kristy, Ilay Teny tonga nofo'. Ny volana Janoary moa dia ny hoe: "Ahoana no hampahomby bebe kokoa ny fitoriana ny Filazantsara". Toy ny mahazatra moa dia tanora Kristiana (zandriny, zokiny) sy ray aman-dreny ny faranan'ny raiamandreny am-panahy ny fandaharana. Malalaka ny fanehoan-kevitra ny tsirairay amin'izany.■



Atoa RAVELOARISON Philémon, teknisiana sady mpanolotra ny fandaharana

Ho hitanao ato :

- p. 1 **FIARAHA-MIOMBON'ANTOKA FIANGONANA/ FEON'NY FILAZANTSARA:**
Seminera Fampiofanana "Fampitaovana ny olona masina": voalohany ho an'ny taom-piasana 2015/2016
- p. 1 **FANDAHARANA AMIN'NY FAMPIDRAM-PEO:**
Namangy antsika ny Talen'ny Faritra Afrika sy Moyen Orient
- p. 2 **Fiaraha-miasan'ny Fifohazana Loterana Malagasy sy ny Feon'ny Filazantsara**
- Toby Fidanana Fiaferana
- Firaisan'ny Fifohazana Loterana Malagasy (FIFIL)
- p. 2 **FANDAHARANASA HO AN'NY TANORA**
Sekoly ambonny tsy miankina ISPPS
- p. 3 **FIFANDRAISANA AMIN'NY FIANGONANA**
- FJKM Isoavina Fihavaozana (SPAA 12)
- FJKM Imeritsafindra Filadelfia (SPAI)
- METM Hermona Finoana Ambatobe
- FJKM Ankadiaivo Miarmino
- p. 4 **HORONAN-TSARIMIHETSIKA**
- FJKM Kristy Fiainana Antanetilava
- FJKM Betela Vaoavao Ampanataovana
- Hopitaly CHRD Itaasy
- Collège sy Lycée Privé Amy Fiderana Ankadivoribe
- p. 4 **Vatsim-panahy : MPANARATO!**

Toby Fiadanana Fiaferana

"Fa izay maharitra hatramin'ny farany no bovonjena" (Matio 24:13).

Tamin'ny alalan'izany tenin'Andriamanitra izany no nanorenana indray ny Fankalazana ny Isan-kerintan'ny Toby Fiadanana Fiaferana, izay miray amin'ny Tobilehibe Ankaramalaza ny 11-12-13-14 Jona 2015 lasa teo. Nasain'ny Birao sy ny Komity eo antoerana handray anjara tamin'ny fitarihana fotoana sy ny vakiteny ary ny toriteny moa ny FF ny Zoma 12 Jona 2015 takariva. Taorian'izany dia nisy fandefasana ilay horonan-tsarimihetsika mitondra ny lohateny hoe: "Ny dia mankany an-danitra". Marihina fa maherin'ny 1000 no isan'ireo tonga nanatrika sy nijery. Re araka ny tenin'ireo raiamandreny tonga nanatrika ary fa dia liana tokoa ny olona noho ny hafatra manan-danja nentin'ny tantara. Tsapa tamin'izany koa fa mbola fitaovana iray mahomby ahafahana mitory ny Filazantsaran'Andriamanitra any amin'ny toerana ambanivolo toy ireny ny horonana-tsarimihetsika.■



Atoa Jaona Martin FF niandraikitra ny fifanakalozan-kevitra



Tsapa fa tena ilain'ny Kristiana ny mihaino sy mijery ny hafatry ny Baiboly

Firaisan'ny Fifohazana Loterana Malagasy (FIFIL)

"Fantatro izay inoako" 2 Timoty 1:12

Ny Synodam-Paritany Menabe (SPM) no nampantrano ny Zaikabe faha-6 n'ny FIFIL tany Morondava ny 4-09 Aogositra 2015 lasa teo. Tsihivina fa fotoan-dehibe iray ho an'ny Sampana Fifohazana eo anivon'ny Fiangonana Loterana izay tanterahina isaky ny 3 taona izy ity. Ny teny Faneva nampitondraina ny Zaikabe dia ny hoe: "Fantatro izay inoako" 2 Timoty 1:12. Nandray anjara fitenenana tamin'izany, ho fampahafantarana sy fanentanana mikasika ny Feon'ny Filazantsara sy ireo programan'asany ary ny fiaraha-miasa azony atolotra ho an'ny rehetra ny Feon'ny Filazantsara. Atoa Louis Rakoto Rabehajaina, tompon'andraikitra ny programa no nisolo tena ny FF tamin'ny fandraisam-pitenenana, ka tamin'izany no nampahatsihivana indray ireo fiaraha-miasa efa nisy teo amin'ny FF sy ireo Synodam-parita-

ny marobe nanomboka tamin'ny taona 2000 ka hatramin'izao taona 2015 izao. Teo ihany koa ny nanamafisana indray ireo fiaraha-miasa azo atsangana amin'izay maniry izany (Fiangonana, Sampana, Kristiana). Nisy moa ny "Stand" izay niandraiketany ireo solon-tenan'ny FF, nentina nampirantiana ireo fitaovam-pifandraisana na "media" ampiasainy ka nahafahan'ireo mpivory marobe (aman'aliny maro) nahafantatra bebe kokoa ny momba azy. Nisy ihany koa ny dinidinika sy tafatafa nifanaovana tamin'ireo raiamandreny Pastora manam-paniriana hiara-miasa, ary koa nanaovana jeritodika ny asa niarahana tamin'ireo Fiangonana efa Mpiara-miasa hatramin'izay. Nahatratra 1 300 ireo "brochures" nozaraina maimaimpoana tamin'ireo olona tonga nitsidika ny "stand". Naharitra 6 andro moa ny fivorian'ny mpizaika avy amin'ny faritra rehetra manerana an'i Madagasikara.■



Pastora Dr Rakoto Endor Modeste, Filohan'ny FLM



Atoa Rakoto Rabehajaina Louis, Program Manager FF, nandray fitenenana



Maro ireo tonga nanatona ny stand fa te hahalala bebe kokoa mikasika ny FF



Vory maro tokoa ireo mpizaika

FANDAHARANASA HO AN'NY TANORA

Sekoly ambony tsy miankina ISPPS

Zava-dehibe tokoa ny fampandrosoana ny arapanahy eny anivon'ireny Sekoly Ambony ireny. Tafiditra indrindra amin'ny Programan'asa eo amin'ny sehatry ny tanora izay vokarin'ny FF indrindra izany. Koa ny Sekoly ambony tsy miankina ISPPS izay manofana ho mpitsabo mpanampy sy mpampivelona

(Paramédicaux) dia efa nifandray tamin'ny FF nanomboka ny taona 2014. Efa nisy noho izany fanentanana ireo mpianatra ao amin'ny Taona voalohany sy faharoa mikasika ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana (FSMI) na ny "Cours Biblique par Correspondance". Tonga nanentana fanindroany

ireo mpianatra teny an-toerana ny Alakamisy 09 Jolay 2015 lasa teo noho izany ireo solontena avy ao amin'ny FF. Ny fikendrena dia ny hananan'ireo mpianatra zoto hianatra ny Tenin'Andriamanitra, mba ho tanora manana antoka sy fanantenana amin'ny hoaviny miaraka amin'i Jesusy izy ireo.■



Mitohy hatrany ny fanentanana ireo mpianatra



Rtoa RAVEROMANANA Lalao, Audience Relations FF, nanentana ireo mpianatra

Hoentina am-bavaka manokana

- Ny Asa Tafika Masina tanterahin'ireo Fiangonana mpiara-miasa isan-toerana
- Ny FSMI, mba ho maro ny olona resy lahatra ka hiroso @ fianarana ny Tenin'Andriamanitra
- Ireo Mpiara-miasa an-tsitrapo manerana ny Nosy sy ireo asa fanompoana iandraiketany
- Ny fanitarana ny "emission Radio any amin'ny Faritany"
- Ny Asa Fitoriana eny @ Fonja

FJKM Isoavina Fihavaozana (SPAA 12)

"Tano mafy izay anananao mba tsy hisy baka ny satroboninabitrao"
Apokalypsy 3:11b

Misaotra an'Andriamanitra fa dia nisy 17 mianadahy mianaka indray no nahavita FSMI na ny "Cours Biblique par Correspondance" atolotry ny Feon'ny Filazantsara (FF) tao amin'ny FJKM Isoavina Fihavaozana (SPAA 12) izay iandraiketana dRtoa Rakotomalala Nivomboahangy, Mpitandrina. Ny Alahady 05 Jolay 2015 nandritra ny fotoam-pivavahana no nanolorana ny Sertifika ho azy ireo niaraka tamin'ny solon-tenan'ny FF Rtoa Lalao, tompon'andraikitra ny Fifandraisana. Na dia efa maro aza no nahavita ny fianarana dia tsy mitsahatra manentana sy mamporisika ireo Kristiana hazoto amin'ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra ny raianandreny Mpitandrina, sy ny mpiara-miasa an-tsitraon'ny FF ao an-toerana (Rtoa Razakarisoa Jacqueline) ary ny FF. Ny firariana moa dia mba ho maro no hiroso amin'ny fianarana, ary ho an'ireo nahavita kosa dia mba hiorina tsara amin'ny finoana izy ireo ka hazoto amin'ny asa fanompoana ao amin'ny Fiangonana. ■



Ireo mpianatra notolorana sertifika



Rtoa RAVEROMANANA Lalao
sy
Rtoa Rakotomalala
Nivomboahangy Mpitandrina

FJKM Imeritsiafindra Filadelfia (SPA1)

"Aza manome fitoerana ho an'ny devoly" Efesiana 4: 27

Tsapa amin'izao fotoana izao fa mandalo fotoan-tsarotra ny isam-batan'olona, sahirana miatrika ny andavan'androm-piainany noho izany ny tsirairay. Vokatry'izany dia maro no milaza fa tsy manana fotoana hianarana na handalinana ny Tenin'Andriamanitra. Efa nisy fotoana nanentanana ny Sampana rehetra ao amin'ny FJKM Imeritsiafindra Filadelfia indrindra ny Sampana Tanora Kristiana mikasika ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana (FSMI) na ny "Cours Biblique par Correspondance". Tsapa anefa fa toa miha mangatsiaka amin'ny fandinihana ny Soratra Masina mba hitomboany amin'ny finoana hahafahana miatrika ny ady eto amin'izao ntontolo izao ity ireo kristiana. Koa ny Alahady 12 Jolay 2015 lasa teo, izay tafiditra indrindra ao anatin'ny iray volan'ny STK dia nanasa ny FF hanamafy indray ny fanentanana, famporisihana, ary fampaherezana ireo kristiana handalina ny Tenin'Andriamanitra Atoa Hajamanana, Prezida ny STK ao an-toerana no sady mpiara-miasa antsitraon'ny FF, izay miandraikitra ny FSMI. Sarotra ny fitaomana ny olona amin'izao fotoana izao nefa dia ny Tompo no efa niteny hoe: "ary manana faharetana hianao ka niaritra noho ny anarako ka tsy reraka" Apokalypsy 2: 3 ■



Nahakasika tsara ireo kristiana ny fanentanana



Atoa Hajamanana Volontaire FF
nanao ny fanentanana

METM Hermona Finoana Ambatobe "Alahadin'ny Feon'ny Filazantsara" (FF)

Zava-dehibe ho an'ny Fitandremana METM Hermona Finoana Ambatobe izay iandraiketana Atoa Rakotomalala Jean Jacques, Mpitandrin, ny anjara biriky entin'ny Feon'ny Filazantsara ho fampandrosoana ny asa Fitoriana ataon'ny Fiangonana. Efa taona maromaro mantsy no nanomboka ny fifandraisan'ny roa tonta tamin'ny alalan'ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana (FSMI) sy ny fampiasana ireo horonan-tsarimihetsika ho fampitomboana ny finoan'ny Kristiana. Ny taona 2014 koa dia anisan'ny nandray anjara tamin'ny Seminera Fampiofanana "Fampitaovana ny olona masina" ny Kristiana enina izay solon-tenan'ny Fiangonana ary nanotrona izany ny raianandreny Mpitandrina. Noho ireo programan'asa maro iandraiketana'ny FF, ary atolony maimaim-poana ho an'ny Fiangonana izay maniry izany dia nofidin'izy ireo ny Alahady 6 Septambra 2015 lasa teo ho "Alahadin'ny Feon'ny Filazantsara". Natao indrindra moa izany hitondrana ambavaka sy ho fanohanana ireo sehatr'asa vokarin'ny FF. Fotoana ihany koa nitondran'ny solontenan'ny FF famporisihina sy fampaherezana ireo Kristiana hianatra ny Tenin'Andriamanitra, satria ny Tompo dia manome toky fa toy ny sakafo mahavelona mandrakizay ny Tenin'Andriamanitra raha milaza Izy fa: " Izaho no mofon'aina; izay manatona Ahy tsy mba ho noana, ary izay mino Ahy tsy mba hangeta-ha intsony" (Jaona 6:35) ■



Ny Fiangonana METM Hermona Finoana Ambatobe



Atoa Rakotomalala Jean Jacques
nisaotra amin'ny fiaraha-miasa



Guillaume sy Hélène
niandraikitra ny Stand



Nandray anjara tamin'ny fifaninanana
ny raianan-dreny mpitandrina mivady

FJKM Ankadiaivo Miaramino Fiaraha-miasan'ny Mpitandrina sy ny Fiangonana

Feno 17 taona no nitandrema-dRtoa Ramamonjy Vonimboahangy, Mpitandrina, ny FJKM Ankadiaivo Miaramino (SPAA 11). Ho fankalazana sy ho fanamarihana izany fotoan-dehibe izany dia nanatontosa hetsika ireo Sampana velona rehetra ao amin'ny Fiangonana ny 04- 05-06 Septambra 2015 lasa teo. Fifaninanana ara-panatanjahan-tena, varotra fampiratiana ary indrindra fiaraha-mivavaka ho fisaorana sy ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra no notanterahina nandritra izany. Ho an'ireo mpianatra katekomena dia niompana tamin'ny varotra fampiantiana ireo "media" vokarin'ny FF (Film, literatiora kristiana, Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana, Fandaharana amin'ny Radio) ary kitapo misy Logon'ny FF no nataony. Marihina fa ny FJKM Ankadiaivo Miaramino dia anisan'ny Fiangonana mpiara-miasa amin'ny Feon'ny Filazantsara (FF) ary mifandray amin'ny alalan'ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana (FSMI). Anisan'ny Fiangonana nandray anjara ihany koa tamin'ny Seminera Fampiofanana "Fampitaovana ny olona masina" ho fampahombiazana ny Asa Tafika Masina tanterahin'ny Fiangonana. Feno fifaliana ny rehetra satria dia tanteraka soa aman-tsara ny fankalazana; ny Tompo Jesosy anie homba sy hanafy hery mandrakariva ny raianandreny Mpitandrina mivady eo amin'ny adidy masina nanandren'ny Tompo azy. ■

Vatsim-panahy

MPANARATO!

"Dia hoy Jesosy tamin'i Simona: Aza mata-hotra; hatramin'izao ankehitriny izao dia olona kosa no ho azonao."
Lioka 5:10b

Ny tantara ambara eto dia ny amin'i Jesosy mampianatra ny vahoaka sy ny amin'ny nilazan'i Jesosy an'i Petera ho mpanarato olona. Raha ny tantara no dinihina dia nasehon'i Jehovah Andriamanitra ny Zanak'Isiraely ny maha tena Andriamanitra Azy tamin'ny nihainoany ny fitarainan'ireo taminy, noho ny nampijalian'ny Egyptiana azy ireo, Namaly izany fitarainana izany Izy tamin'ny fitarihany azy ireo hiala an'i Egypta. Niantso mpanompo Jehovah Andriamanitra, dia i Mosesy izany mba hitarika amin'ny hanafahana azy ireo tamin'ny tanan'ny Egyptiana sy ny ny nitondrany azy tamin'ny lalantsarotra rehetra tsy maintsy nandalovana. Tao ny fahagagana marobe nataon'i Jehovah dia ny loza folo nampiharina Andriamanitra tamin'ny Egyptiana, ary ny fomba nanavotan'i Jehovah ny olony, indrindra tamin'ny nampizarany roa ny ranomasina mena ary ny nandehanan'ny zanak'Isiraely tamin'ny tany maina. Namoron-kira mihintsy moa izy ireo tamin'izany, niderany ny asan'Andriamanitra. Saingy, indrisy mantsy! Mora mivadika ny olombelona! Raha vao nandalo zava-tsarotra ny zanak'Isiraely dia nimonomonona sy nivadika mihintsy ka dia lasa nanompo Andriamani-kafa! Mila mahatoky ny olon'Andriamanitra ka tsy tokony hivadibadika. I Simona dia efa mpanarato matihanina, izany hoe efa tena zatra manarato, fa tsy nahazo trondro izy rehefa nanarato nandritra ny alina, nefa noho ny tenin'i Jesosy dia narotsany ihany ny harato, ary tsy zakan'ny lakana ny trondro azo ka dia resy lahatra izy ny amin'ny herin'Andriamanitra. Tsy nionona fotsiny tamin'ny faharesen-dahatr'i Simona Jesosy, fa niantso azy hanova ny asany ho asan'Andriamanitra: MPANARATO OLONA. Raha azo ambara dia tsy hihonona fotsiny amin'ny fahitana na fahagagana fa hanolotra ny fiainany manontolo ho an'Andriamanitra. Koa, na dia ny asa eo amin'ny andavan'andro aza dia hiova ho asan'Andriamanitra fa tsy ho asan'ny tena ihany! Raha misy ary fotoana nivadihantsika tamin'Andriamanitra izay efa nanao asa mahagaga teo amin'ny fianantsika dia fotoana mety izao hanekentsika ho havaziny indray ka hiverina Aminy, dia mety Izy! Mbola te handray antsika Izy satria mbola andro famindram-po izao! Aoka isika tsy hihaino ny feo hafa rehetra manakivy antsika sy mampisalasalana antsika tsy hiverina Aminy. Ny Tompo anie hampahery antsika!

Pastora RANDRIAMANANTENA Simon,
Mpitondra Fitandremana Antokontanitsara,
Ambohimarina. Fileovana Ambohibao

HORONAN-TSARIMIHETSIKA

FJKM Kristy Fiainana Antanetilava FJKM Betela Vaovao Ampanataovana

Angatabo mandrakariva ny Fanaby Masina. Izy no mahay mampabafantatra andao fa Jesosy no zanak'Andriamanitra velona.

Noho ny fifandraisana misy eo amin'ny FF sy ny Fiangonana dia nanatontosa horonan-tsarimihetsika izay mitondra ny lohateny hoe: "Ny Dian'ny Mpivahiny" tao amin'ny FJKM Betela Vaovao Ampanataovana izay entin-dRamatoa Rakotomalala Fanjaniaina Mpitandrina ny FF. Ny Sabotsy 24 May 2015 kosa indray dia tao amin'ny FJKM Kristy Fiainana Antanetilava izay entin-Andramatoa Andriatsihoarana Joasy, Mpitandrina no nandefasana

ny horonan-tsarimihetsika mitondra ny lohateny hoe: "Ny tantaran'i Jesosy araka ny fahitan'ny ankizy azy". Nohararaotina ny fotoana, ka ny Alahady maraina 25 May andron'ny Pantekoty no nampahafantaran' Atoa Jaona Martin ny Feon'ny Filazantsara sy nitondrana ny fanentanana mahakasika ireo asa sahaniny eo anivon'ny Fiangonana sy ny firenena. Ireo Fiangonana ireo moa dia samy ao anatin'ny Synodam-paritany Atsinanana. Naneho fisaorana sy fankasitrahana ho an'ny FF ny fiangonana sy ny mpitandrina ary ny Kristiana tonga nanatrika. Voninahitra anie ho an'Andriamanitra irery.■



Rtoa Rakotomalala Fanjaniaina,
Mpitandrina FJKM Betela
Vaovao Ampanataovana



Atoa Andriatsihoarana Joasy,
FJKM Kristy Fiainana
Antanetilava



Mahavory olona maro hatrany
ny horonan-tsarimihetsika

Hopitaly CHRD Itaosy

"Ny fifandraisan'ny olona amin'Andriamanitra"

Fankalazana ny faba 20 taonan'ny Vondrom-bavaky ny Fiombonan'ny Mpino Mpitsabo Kristiana (FMMK).

Nanomboka ny voalohan'ny taona 2014 ny fifandraisan'ny FF sy ny FMMK, ka mpitsabo sy mpikambana maromaro no manaraka ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana (FSMI), telo no efa nahazo ny sertifika. Ny volana Aogositra 2015 teo ary dia nisy alim-bavaka notontosain'izy ireo izay nanaosana ny FF handray anjara tamin'ny fandefasana horonan-tsarimihetsika mitondra ny lohateny hoe: "Ny isan'andro iainantsika dia fanomezana" narahana fifanakalozan-kevitra, mba hahafanana misintona indrindra ny hafatra tian'ny Tompo ambara amin'ny tsirairay. Nahatratra teo amin'ny 50 ireo olona tonga nanatrika izany (mpitsabo, mpitsabo mpanampy, mpiambina sy ny fianakavian'izy ireo).

Jesosy irery ihany no manasitrana fa ny Mpitsabo dia fitaovana eo ampelantanan'Andriamanitra; noho izany dia tsapan'ny rehetra fa ilaina ny mahay ny tenin'Andriamanitra ho fampaherezana ny tena sy ny ankohonana ary ireo marary izay tonga hotsaboina.■



Zava-dehibe ny fiaraha-mandalina ny Tenin'Andriamanitra
amin'ny alalan'ny horonantsary

Collège sy Lycée Privé Amy Fiderana Ankadivoribe

Nofaranana tamin'ny fiarabana nijery boronan-tsarimihetsika ny taom-pianarana.

Ny Feon'ny Filazantsara (FF) dia mitondra ny anjara birikiny mandrakariva eo amin'ny asa Fitoriana ny Filazantsara eo anivon'ny Sekoly. Ho famaranana ny Taom-pianarana 2014-2015 ary dia

nanasa ny FF ny Collège Privé Amy sy ny Lycée Privé Amy Fiderana, izay mpiara-miasa amin'ny FJKM Ankadivoribe Famonjena, ny handefasana horonan-tsarimihetsika. Tontosa soa aman-tsara ny Alarobia 15 Jolay 2015 izany ka horonan-tsarimihetsika miisa telo no nalefa dia: "Ilay Mpiandry ondry kely" ho an'ireo ankizy madinika notronin'ireo ray aman-dreniny; "Ilay olon-tsy fantatra" sy "Ny isan'andro iainantsika dia fanomezana" kosa no nalefa hoan'ny Tanora. Ny fanirian'ny Talen-tsekoly, Rtoa Rasoaharivololona, sy ny FF moa dia ny hampita ny hafatry ny Baiboly amin'ny alalan'ireo horonan-tsarimihetsika ho an'ireo mpianatra sy ny ray aman-dreny alohan'ny hisarahana amin'ny fotoampialantsasatra. Marihina fa efa maro ireo mpianatra ao amin'ity Sekoly ity no manaraka ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana (FSMI) atolotry ny FF.■

R. Lalao - Jaona Martin



Liana ery nijery ny horonan-tsary ireo mpianatra